# Ohatra maneho fizakan-tena avy amin'ny tantaran'ny Fiangonana

Martin Harris: Tamin'ny 1827 dia niatrika fanenjehana sy fahantrana i Joseph Smith rehefa nanandrana nandika ny Bokin'i Môrmôna avy amin'ireo takela-bolamena. Nahafantatra ny momba ny toe-javatra niainan'i Joseph i Martin Harris, izay mpamboly nahomby. Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:61–62, ka tadiavo ny fomba nahafahan'i Martin nanampy an'i Joseph Smith. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:26, 34–35; 104:26 mba hahitana fomba hafa nahafahan'i Martin Harris nanompo ny Tompo sy nitahy ny hafa. Namolavola ny fizakan-tena ara-bola ilaina mba hanompoana ny Tompo sy ny hafa amin'ny fomba manan-danja i Martin. Inona no azon'ny zatovo atao ankehitriny mba hananana fahaiza-manao sy hahazoana fanabeazana ary fitaovana hanampiana azy ireo hanompo ny Tompo sy ny hafa any aoriana?

Emma Hale Smith: Tamin'i Joseph Smith nihaona tamin'i Emma Hale dia mpamaky, mpanoratra, mpampianatra, ary mpahay mozika mahay izy. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:5–7, 11, ka tadiavo ireo andraikitra nankinin'ny Tompo tamin'i Emma. Nampitombo ny fahaiza-manao sy ny fahazoana fanabeazana izay nanampy azy hanompo ny Tompo sy ny hafa amin'ny fomba manan-danja i Emma. Inona no azon'ny zatovo atao ankehitriny mba hananana fahaiza-manao sy hahazoana fanabeazana ary fitaovana hanampiana azy ireo hanompo ny Tompo sy ny hafa any aoriana?

William W. Phelps: Ny Tompo dia nanome toromarika an'i William W. Phelps, izay vao niova fo tao amin'ny Fiangonana, mba hifindra tany Missouri. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55:4 sy ny 57:11–13, ka tadiavo ireo andraikitra miavaka nomen'ny Tompo an'i William mba hanompo ao amin'ny Fiangonany. Nampitombo ny fahaiza-manao sy ny fahazoana fanabeazana izay nanampy azy hanompo ny Tompo sy ny hafa tamin'ny fomba manan-danja i William. Inona no azon'ny zatovo atao ankehitriny mba hananana fahaiza-manao sy hahazoana fanabeazana ary fitaovana hanampiana azy ireo hanompo ny Tompo sy ny hafa any aoriana?

# Ohatra maneho fizakan-tena avy amin'ny tantaran'ny Fiangonana

Martin Harris: Tamin'ny 1827 dia niatrika fanenjehana sy fahantrana i Joseph Smith rehefa nanandrana nandika ny Bokin'i Môrmôna avy amin'ireo takela-bolamena. Nahafantatra ny momba ny toe-javatra niainan'i Joseph i Martin Harris, izay mpamboly nahomby. Vakio ny Joseph Smith—Tantara 1:61–62, ka tadiavo ny fomba nahafahan'i Martin nanampy an'i Joseph Smith. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 19:26, 34–35; 104:26 mba hahitana fomba hafa nahafahan'i Martin Harris nanompo ny Tompo sy nitahy ny hafa. Namolavola ny fizakan-tena ara-bola ilaina mba hanompoana ny Tompo sy ny hafa amin'ny fomba manan-danja i Martin. Inona no azon'ny zatovo atao ankehitriny mba hananana fahaiza-manao sy hahazoana fanabeazana ary fitaovana hanampiana azy ireo hanompo ny Tompo sy ny hafa any aoriana?

Emma Hale Smith: Tamin'i Joseph Smith nihaona tamin'i Emma Hale dia mpamaky, mpanoratra, mpampianatra, ary mpahay mozika mahay izy. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 25:5–7, 11, ka tadiavo ireo andraikitra nankinin'ny Tompo tamin'i Emma. Nampitombo ny fahaiza-manao sy ny fahazoana fanabeazana izay nanampy azy hanompo ny Tompo sy ny hafa amin'ny fomba manan-danja i Emma. Inona no azon'ny zatovo atao ankehitriny mba hananana fahaiza-manao sy hahazoana fanabeazana ary fitaovana hanampiana azy ireo hanompo ny Tompo sy ny hafa any aoriana?

William W. Phelps: Ny Tompo dia nanome toromarika an'i William W. Phelps, izay vao niova fo tao amin'ny Fiangonana, mba hifindra tany Missouri. Vakio ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 55:4 sy ny 57:11–13, ka tadiavo ireo andraikitra miavaka nomen'ny Tompo an'i William mba hanompo ao amin'ny Fiangonany. Nampitombo ny fahaiza-manao sy ny fahazoana fanabeazana izay nanampy azy hanompo ny Tompo sy ny hafa tamin'ny fomba manan-danja i William. Inona no azon'ny zatovo atao ankehitriny mba hananana fahaiza-manao sy hahazoana fanabeazana ary fitaovana hanampiana azy ireo hanompo ny Tompo sy ny hafa any aoriana?

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_564-1